Ny « Ordre des Architectes Malagasy » dia faly mampahafantatra antsika rehetra, ireo mpikambana ao anatin'ny filankevitra Nasionaly vaovao taorian'ny fivoriambe izay natao ny 04 Martsa 2023 lasa teo, Andriamatoa sy Ramatoa isany :

| | | |
|---|---|---|
| **A 121** | RAHOELIARIVAHY Fara Hanitra | Filoha |
| **A 165** | ZASY Michaelangelo Samy | Filoha Lefitra |
| **A 157** | RANDRIA Herizo | Filoha Lefitra |
| **A 164** | RANDRIANARISOLO Voninkazo | Sekretera Jeneraly |
| **A 167** | RAVELOSONSandrine | Sekretera Jeneraly Lefitra |
| **A 144** | REBOZA LINIGNY Mahefa | Mpitahiry vola |
| **A 168** | RAKOTONIAINA Michaël Andritiana | Mpanolotsaina |
| **A 156** | RAZAFINDRIAKA Andry Nirina Charles | Mpanolotsaina |
| **A 170** | SAM Christel | Mpanolotsaina |
| **A 110** | ANDRIAMANALINA Onja Mamitiana | Mpanolotsaina |
| **A 138** | RAJAONARIVELO Jean Martial | Mpanolotsaina |

Ny « Architectes » dia manome toky antsika ny **maha-matihanina** azy amin'ny asa fanorenana amin'ny ankapobeny manerana ny Faritany Malagasy, ary miantoka feno ny **fahalavorarian'ny tetikasa** mandritra ny dingana rehetra, manomboka any amin'ny famolavolavolana hatramin'ny fanatontosana, na ny **kalitao** izany na ny **fanaraha-maso** ny asa. Eo ihany koa ny **fanajana** sy **fampiharana** ny lalàna manan-kery. Araka izany, ny asan'ny "Architecte" dia **voafehy** eto Madagasikara, ary arovan'ny:

- Didim-pitondrana laharana faha-93-018 ny "Ordre des Architectes Malagasy" sy ny fitsipiky ny asa – Aprily 1993;
- Didim-pitondrana laharana faha-93-455 manatanteraka ny didim-panjakana mametraka ny "Ordre des Architectes Malagasy" sy ny fandrindrana ny asa – Aogositra 1993 ;
- Didim-pitondrana laharana faha-99-773 mametraka ny Filankevitra Nasionalin'ny "Ordre des Architectes Malagasy" – Septambra 1999 ;
- Lalàna 2015-052 mikasika ny fandrindrana ny tanàna sy ny trano fonenana ;

**Ny fanorenana manomboka amin'ny 150m² dia tsy maintsy hiantsoina «Architecte». Tsy misy afaka mitondra ny anarana «Architecte» sy manao ny asany afa-tsy izay voasoratra ao amin'ny «Ordre des Architectes Malagasy» (OAM) ihany. Ny "Architecte" vahiny dia tsy maintsy miara-miasa amin'ny "Architecte" Malagasy misoratra anaty OAM. Ny fanitsakitsahana ny zo sy ny fampiasana izany amin'ny tsy ara-dalàna, dia azo enjehina eny amin'ny fitsarana, sy mandoa onitra ary mety hiafara amin'ny fanagadrana ».**

Ny lisitra feno misy ny « Architectes » nahazo alalana avy amin'ny OAM dia havaozina tsy tapaka ary azon'ny olona rehetra jerena, ary hivoaka tsy ho ela eny anivon'ny andrim-panjakana samihafa : Ministera, SRAT, Kaominina.

Antananarivo, ny 28 Aprily 2023
Ny Filoha RAHOELIARIVAHY Fara Hanitra

www.oam.mg
contact@oam.mg